

«Novonjena tamin-Kery teo
Andalantsaran'ny Helo »



Vavolombelon'ny
fiovam-piainana



NOVONJENA TAMIN-KERY TENY AMPIZORANA HO ANY AMIN'NY HELO

TENY MIALOHA

Niheritreritra ela be aho vao nandray fanapahan-kevitra hanoratra izao fijoroana vavolombelona izao, noho ny antony tsotra izay tsy maintsy hamohazako ny fahatsiarovana ny fiainako taloha nefa tena tiako hadinoina tanteraka izany. Tonga saina aho anefa tamin'ny farany fa tsy afaka hangina noho ny zavatra miavaka izay niainako, làlam-piainana tsy manam-paharoa, ka tokony ho zaraina mba hanampy ny olona izay mandalo fahoriana be.

Tsy maintsy hataoko izay hanasoavana ny hafa amin'ny alàlan' ny zavatra niainako. Tsy ny antsipiriany rehetra anefa no ho tantaraiko eto, satria nisy ny tranga izay mbola sarotra amiko ny mitantara azy, ary ny tanjon'ity boky ity dia ny hamelona herim-po indray ao amin'ny olona izay efa tsy manana fanantenana intsony. Mino aho fa rehefa avy mamaky andalana vitsivitsy amin'ity boky ity ianao ka tena mangetaheta fiovana eo amin'ny fiainanao, dia ho afaka hanantena ny hiaina zavatra miavaka, ilay zavatra izay antsoiko hoe fahaterahana vaovao , fiainana vaovao, fiandohana vaovao.

"Mirary soa ho anao izay hamaky ity ny tenako."

Ao amin'ireto pejy ireto no hizarako aminaon'ny fiainako taloha mandra-pahatongan'ny fotoana izay nahitako ny fahamarinana sy ny tena antony nahavelomako.

Tsy mora ny mamerina ny fahatsiarovana ny lasa, indrindra raha naharary sy nanahirana ny tena izany fiainana efa lasa izany, fa tao ho ao, dia resy lahatra aho fa tsy maintsy atao izany ho fijoroana vavolombelona sy fisaorana an'Ilay nanangana indray ny fiainako.

Fa iza na inona moa no tena afaka hanangana indray ny fiainana izay efa lavo ambany dia ambany tsy misy fanantenana intsony, tsy misy tana hihazona sy hanampy anao mba hiarina ? Ary ny olana sy ny ratram-po dia efa nila hanoroto anao ka tsy nisy zavatra nirinao intsony afa tsy ny ho afa-pahoriana amin'ny alàlan'ny fahafatesana.

Imbetsaka aho no nanontany tena hoe : « nahoana aho no teraka ? » « nahoana no tonga eto amin'ity tany be fahoriana ity ? » !!! Loza fa hatramin'ny nahaterahako, dia tsy mba nisy zavatra voahangoko na voatahiriko afa tsy ny fahadisoam-panantenana sy ny tsy fahombiazana, ary taty aoriana vao tsapako fa ny fiainana dia mivoaka miditra ao amin'ny kodiarana miodinkodina tsy misy fiafarany.

Ary araka ny filazan'ny olona any aminay, dia ny kintana eny amin'ny lanitra no namaritra na tsara na ratsy ny andro nahaterahantsika,



ary mino aho fa ho hita haingana ny valiny mikasika ahy : ny andro izay nahaterahako no tsy maintsy teo ambanin'ny kintana ratsy indrindra.

Sarotra sy nanjombona ny fiainana tao an-trano , tsy nandamin-javatra ny fotoana ... nifandimby ny andro sy ny volana, niverimberina ny adiady tao antokantrano, lasa anjara fiainako andavanandro ny herisetra. Tsy mba nahita fotoana firy niadanana sy nifaliana izahay, nisoritra teny amin'ny endrikay ny ratram-po sy ny fikorontanan-tsaina ary nahalana ny endrikay vao mba nahitana fitsikitsikiana fa ranomaso no mirotsaka matetika amin'ny tavanay.

Ankehitriny, am-polony taona taorian'izany rehetra izany, dia mbola mitamberina toy ny tselatra ao antsaiko ny zava-nisy taloha, kanefa mbola zazalahy kely vao efatra na dimy taona aho tamin'izany. Tsy nety afaka tato amiko ny fahatsiarovana, satria rehefa voakapoka ny zaza no sady mahita ny reniny voadaroka eo anatrehany, dia sary tsy azo kosehina mandritra ny fiainany manontolo izany, ka hitarika azy ho any amin'ny harerahan-tsaina mikiky miandalana sy maharitra, ary miteraka ratram-po lalina sy aretina isan-karazany.

Nanodidina ny faha 7 taonako aho no nahatsiaro ny fahoriana lehibe indrindra teo amin'ny fiainako. Koa nomeko anarana hoe: "lalantsara voalohany mankany amin'ny helo" io vanim-potoana io.

Nampihorin-koditra izany hoe nandalo teo akaikin'ny raiko izany raha tamin'ny fotoana nahasorisorena azy, ary zavatra tsy maintsy nandeha ho azy ny kapoka, ka tsy nanam-piadanana mihitsy aho. Nanontany tena mandrakariva aho tamin'izany hoe: “ ahoana no fomba mety hanatonako sy hiresahako aminy?” ary “amin'ny fotoana toy inona no tokony hanaovana izany?”, tao anatin'ny tebiteby tsy nitsahatra aho ary niteraka voka-dratsy tamiko izany ka nahatonga ahy ho lasa zazalahy kely nipirimpirina, kizintina, kanefa ihany koa be pelipelika.

Hotsaroako mandrakariva ny hatezeran'ny raiko tamiko indray andro izay, raha noraisiny tamin'ny volon-dohako aho, ningainy sy natsipiny toy ny voridamba maloto. Tsy nitsahatra nikoriana teo amin'ny ny tavako ny ranomaso tamin'izany,



raiki-tahotra aho no sady feno fankahalana tsy hay hazavaina, vaky rà ny oroko, tsy afaka nametraka ny lohako teo amin'ny ondana aho rehefa hatory satria nivonto sady nanaintaina ny hodi-dohako. Tamin'io andro io dia nitodika tany amin'ny raiko aho ary nibanjina azy teo amin'ny masony, sady nangovitra no nilaza hoe: « Dada, mihainoa ahy. Milaza aminao marina tokoa aho fa rehefa lehibe feno 18 taona aho dia hiverina ka ho taperiko ny ainao ».

Tsy afaka tato antsaiko intsony io teny nambarako io. Lasa ny taona nifandimby , fa niverimberina hatrany ny herisetra tao antokantrano. Voatery ny reniko nisaraka tamin'ny raiko ka nanapa-kevitra ny hifindra toerana lavitra azy niaraka taminay zanany telo izay 4 taona, 8 taona ary 9 taona mba hifaranan'ny fiainam-panaintainanay.

Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia tsy maintsy niady teo amin'ny fiainana aho mba hisian'ny sakafo eo ambilanay, ora vitsy monja isan-kerinandro no mba nahafahan'ny reniko nikarama, niaina tao anatin'ny fahantrana be izahay, ary matetika dia zara raha nahita hani-tapa-kibo.

Teo amin'ny faha 11 na 12 taonako, raha vao mbola tanora herotreron'ny aho, dia efa niasa sahady



nandritra ny ora maro mba hitondra vola any antrano.

Na dia teo aza izany zava-tsarotra rehetra teo amin'ny fiainan'ny fahatanorako izany, ny faniriako dia ny mba ho lasa mpitolona mpandresy. Taona sarotra feno tomany sy alahelo no nodiaviko, kanefa namolavola ahy izany ka nahatonga ahy ho zazalahy be herim-po ka tsy natahotra ny hiasa mafy mba hamelomana ny fianakaviako.

Rehefa tonga taona aho, dia mba te ho lasa lehilahy lehibe manana ny maha izy azy. Nahita asa aho ka lasa mpaneran'ny orinasa lehibe anankiray izay mpivarotra kojakojan-tokantrano sy momban'ny fiarovana. Vetivety dia izaho no lasa mpivarotra nahomby indrindra tao amin'ilay orinasa. Afaka taona vitsivitsy fotsiny dia nahazo karama be aho ary azoko daholo ny loka voalohany sy ny mari-pankasitrahana tamin'ny fifaninanana rehetra, izaho no nahomby indrindra teo amin'ny fivarotana ny entana isan-karazany izay nampiandraiketina ahy. Vokatry izany dia nalefa nitety firenena maro nanao fandrarahana aho, ka nahita firenena nahafinaritra tahaka an'i Maraoka, Soisa sy Espaina ary Gresy.



Io no fotoana feno fanambinana teo amin'ny fianako satria ohatra ny mba nivoatra ho tsara ny zavara rehetra sady mba nahatsapana fahasambarana kely.

Fa na dia teo aza izany rehetra izany dia tsy afa-po tamin'ny zavatra rehetra izay azoko aho. Ny fijaliana vokatry ny daroka tamin'ny fahazazana, ny fihafiana sy ny fahantrana izay niainana tamin'ny lasa dia nahatonga ahy nanam-paniriana mba hanana be be kokoa, eny be be kokoa hatrany... Ka dia niroso tamin'ny famoronana orinasa betsaka aho.

Nikambana tamin'ny raharaham-barotra fampanofana video aho, ary nahazoana fahombiazana be izany. Nandroso tsara ny raharaha ka nahazoako vola be dia be. Nefa tsy ampy ahy izany. Avy eo aho mbola namorona sosiete hafa indray, fanerana tany sy trano hamidy. Vetivety dia niroborobo ihany koa io ka nikoriana toy renirano ny fidiran'ny vola. Dia mbola nanangana anankiray fahatelo indray aho, fanangonana volamena sy metaly sarobidy izay namidinay tany amin'ny mpandrendrika sy mpanao firavaka. Dia alaovy sary an-tsaina ny vola nampidirin'izany rehetra izany.



Amin'izao fotoana izao aho dia menatra ny manambara ny vola niditra tamiko tamin'izany satria tena diso be loatra .

Tamin'izany fandrarahana rehetra izany no nahafahako nanorina ny fanjakana keliko, ka lasa olona nanana ny lanjako teo amin'ny tontolon' ny varotra aho. Mbola tsy feno roa-polo taona aho tamin'izany kanefa efa nahazo sahady tamin'ny fomba haingana izay rehetra tiako : fiara faran'izay raitra, villa nisy dobo filomanosana, sambo, sns. Nanao lava tongotra aho ary nandany vola tsy nikaonty ny lany intsony, tena nanao fiainana...



Tsy tandritandriko akory, dia tafatsirapaka moramora tany amin'ny « lalantsara faharoa nankany amin'ny helo » aho. Fantatrao tsara fa rehefa be ny vola dia mitombo be dia be koa ny namana izay miara mianoka any anatin'ny rendrarendra. Ka izany no nitarika ahy ho tafiditra tao amin'ny karazana fiaraha-monina tena nahatsiravina. Irariako mba tsy hisy ny olona mbola hiditra amin'izany na hahalala izany.

Ny volako , ny lazako , ny fitsangatsanganako matetika, ny hetahetako hahita ny fahasambarana , dia nitondra ahy hihaona sy hahafantatra olona maro , nefa olona maro toa inona hoy ianao !!



Ny mpivaro-tena , ny olona mpanao firaisan'ny samy lehilahy sy samy vehivavy no lasa namana nanodidina ahy ary tanora lahy sy vavy izay nivaro- tena sy mpidoroka zava-mahadomelina no niaraka nitsangatsangana tamiko.

Tsy tapaka ny figohana toaka, naharitra andro maromaro isan-kerinandro ny hadalana isan-kariva, ary nino aho fa amin'ny farany dia tsy maintsy hahazahoako ny fahasambara izay nokatsahiko izany zavatra rehetra nataoko izany ka hameno ny banga tao am-poko .
Dia reraka aho tonga tao an-trano , ary tsy nisy afa-tsy faniriana iray ihany tato amiko dia ny handeha hivoaka indray mba hanadino ny fanahiana sy ny harerahan-tsaina ao anatin'ny fiainana mirimorimo 100 kilometatra isan'ora. Azo antoka fa nanomboka ny fidinana nankany amin'ny helo.
Tsaroako ny hamamoanay indray alina tao amin'ny efitrano fihainoana hira amin'ny kapila. Ny resaka toaka sy zava-mahadomelina no nanjaka tao. Nisy olona nitangorona tampoka teo amin'ny fitobiam-piarakodia nanoloana an'ilay trano fandihizana amin'ny alina nitoeranay, dia nanatona aho nijery. Indro ny namana anankiray tao amin'ilay tarika mpiaraka tamiko no hitako nitsirara tamin'ny tany .



Nitsindrona fanafody mahadomelina diso dozy be loatra izy. Niala aina izy. Tsy nisy na inona na inona azonay natao intsony. Maty teo ambanin'ny masonay izy rehefa niala aina tamin'ny fijalijaliana fara-tampony .

Tena tsy nahazo aina mihitsy aho taorian'ny zava-nitranga. Tsy nahita tsirony intsony aho na inona na inona nataoko na dia teo amiko aza ny zavatra rehetra izay nilaiko. Dibok'alahelo ny foko. Ohatra ny izaho irery sisa no olona teto antany. Tsy nety afaka ny hetahetako hameno ny banga tao am-poko. Toy ny olona nandeha lavitra nitondra fiara aho, nisosa nisosa hatrany nefa tsy nahalala izay hiafarany.

Hitanao ... Naharitra taona maro izany toe-javatra izany. Tsy nisy mihitsy ny fotoana mba nahatsiarovako tena ho sambatra, fa fifaliana nihelina fotsiny no mba nahataitaitra ahy. Nitady zava-baovao foana aho dia izay mba hampisy dikany ny fiainako. Nihevitra aho fa nahatratra ny tanjoko rehefa nihaona tamin'ny vehivavy namana iray izay niterahako ny zanako vavy kely atao hoe "Vanessa". Tsy ela anefa dia diso fanantenana aho. Nihevitra aho mantsy fa nahaforona ny atody kely izay ho fiandohan'ny fahasambarako,



ka rehefa tonga tao an-trano aho dia nasehoko ny naha ray nalemy fanahy sy vady be fiatiavana ahy. Kanefa nanjaka tanteraka ny korontana tao ambadik' izany, dia ny fiainana tsy afa-po. Ka mbola notohizako hatrany ny fiainana anankiroa, dia ny tao anatin'ny tokantrano sy ny tany ivelany niaraka tamin'ireo namana tao amin'izao tontolo izao feno haizina .

Akory ny hatairako indray harivan'ny volana Desambra 1991 raha nilaza ny namako fa handao ahy izy ka handeha hiaraka amin'ny lehilahy iray hafa. Vita ny amiko...

Ary Herinandro vitsivitsy taty aoriana dia lasa tanteraka tokoa izy. Tsy maintsy nanomboka niatrika fitsapana mafy indray aho ... anankiray hafa koa, toy ny hoe tsy ampy ny efa nahazo ahy teo aloha, sy ny fijaliako hatrizay.

Vanim-potoana vaovao feno alahelo mafy sy fahatsiarovan-tena ho irery ny andro nanaraka izany fisarahana izany.



Indray hariva, nitazatazana teo amin'ny tampon-tranoko aho , tao anatin'ny fangorohoroana lalina, ny ranomasoko nikoriana tsy niato toy ny riaka. Sambany teo amin'ny fiainako aho niatrika irery ny tontolo babangoana, nitomany tsy nahay nampanginin-tena, nandalo teo anatrehako toy ny sarimihetsika ny fiainako manontolo, ary resy lahatra aho fa io no andro faran'ny fiainako, satria nanapa-kevitra hentitra aho hamarana azy. Tsy nisy dikany intsony ny zavatra rehetra ka dia naleoko nofaranana hatreo.

Tao anatin'ny haizina nangitsokitsoka aho ary voasaron'ny hamaintisana natevina ka tsy nahita ny làlan-kivoahana, nisy toy ny rindrina avo teo anoloako nanakana ahy tsy hahita ny hazavana.

Dia nanomboka nitaraina mafy tamin'ny heriko rehetra aho sady nijery ny lanitra, ka niteny hoe : Andriamanitra ô, raha tena misy ianao dia miangavy anao aho ... manaova zavatra ho ahy, tongava hamonjy ahy fa raha tsy izany dia hivarina any ambany any aho. "Raha sitrakao, raha sitrakao..." hoy aho namerimberina nanditra ny fotoana naharitraritra, "manaova zavatra ho ahy.. miangavy re". Fotoana fahatorotoroana tena mafy be tamiko izany ka tsy nisy zavatra afaka nampionona ahy. Nifandimby ny ora maro izay niainako fijaliana toy ny olona niala aina, tsy maintsy nanao ny fanapahan-kevitra aho ny hamita ny tantarako.



Ary tampoka teo dia nahatsapa toy ny fiadanana lalim-paka nanerana ny fo sy ny saina amam-panahiko aho. Tsy nijanona nikoriana ny ranomasoko ary avy eo aho dia nahazo antoka fa efa nisy nihaino ny fitarainako, ary tsy nampino sy tsy hay nohazavaina ny fihetseham-po nitranga tato anatiko.

Fa ny tsaroako fotsiny dia nisy zavatra nitranga. Dia nahatsiaro ho maivamaivana toy ny olona vao nahazo vaovao tsara aho. Rehefa tonga saina tsara aho dia lasa nandeha natory.

Nanomboka tamin'io fotoana io, da nitsimbadika ny fiainako, nisy tranga niseho tao amiko, nanohina ny fon 'Andriamanitra ny fitalahoana sy ny antso vonjy nasandratro. Ary ho gaga ianao amin'ny zavatra izay hambarako eto, ka hahalasa heritreritra anao tokoa izany. Voalohany indrindra, na dia teo aza ny fitsapana nahatsiravina nandalovako, dia nahatsiaro niadana aho. Manaraka izany dia ho hitanao fa tao anatin'ny volana vitsivitsy, dia nirodana ny fanjakana kely izay natsangako... moa tsy toy ny faharavan'ny lapa namboarina amin'ny baoritra.

Tojo olana ilay orinasa voalohany izay niarahako natsangana taman' olona. Io olona io izay tompon'ny vola betsaka indrindra nampiasainay dia naniry ny hisarahanay... Izay ny voalohany tamin'ny zava-nitranga samy hafa izay nifandimby ka nanova zavatra maro teo amin'ny fiainako.

Inona tokoa fa, tamin'io fotoana io ihany, dia tratran'ny fatiantoka ilay fandraraharana faharoa fanerana trano sy tany. Voatery izahay nanao varo-boba an'ilay orinasa mba tsy aha-bankiropotra anay. Ary ilay orinasa fahatelo fandrendrehana volamena sy metaly sarobidy dia voatery nakatona satria nigadra ilay mpiara-miasa tamiko noho ny fanodinkodinam-bola sy ny fivadiham-pitokisana. Lasa nandositra tany amin'ny firenen-kafa izy ka nitsahatra niaraka tamin'izay iny fandraraharana iray iny.

Indrisy fa fotoana vitsy foana dia afaka tamiko ny zavatra rehetra nananako. Rava fananana tanteraka aho, tsy nanana na inona na inona intsony aho. Kanefa araka ny voalazako teo aloha, na dia teo aza izany loza tsy hay hazavaina nihatra tamiko izany dia nisy zavatra nitsiry tao anatiko ka tamin'ny fomba tsy nampino sy tsy nampoizina ny nampilamina ho azy indray ny zavatra rehetra teo amin'ny fiainako.

Ary ny andro nanaraka dia niresaka an-telefonina tamin'ny fianakaviako izay nonina tany Nouvelle-Calédonie aho, fa ren-dry zareo ny loza nahatsiravina izay nihatra tamiko. Nandresy lahatra ahy ry zareo fa tokony hiaraka amin-dry zareo any aminy aho aloha.



Tsy nitaredretra aho satria volana vitsivitsy taty aoriana aho dia tonga tany Noumea. Tao amin'ny trano falafa kely tany DOMBEA (tanàna kely kilometra vitsivitsy miala ny renivohitra) aho no napetraky ry zareo. Minoa ahy ianareo fa tena tsy nisy nitoviana mihitsy tamin'ny trano nihaja be nahazatra ahy teo aloha izany. Tsy nisy ny trano fivoahana sy fidiovana fa ankalamanjana avokoa no nanaovana izay tokony natao rehetra !!



Izaho izay olona zatra niaina tamin'ny fiadanana tao amin'ny trano avon'ny mpanankarena tany Perpignan, ilay tanàna malaza amin'ny hatsarany tany amin'ny faritra atsimon'i Frantsa, olona nanana fiara faran'izay raitra ary vola be dia be tsy hita izay nandaniana azy, olona lehibena orinasa sy mpandraharaha zatra nampisa vola, kanefa dia indro fa tsy nisy afa-tsy trano falafa kely sisa no mba nitoerako, trano kely tsy nisy fanaka na inona na inona, tany anaty kirihitr'alan'i Nouvelle-Calédonie.

Kanefa niazatra ihany aho ary nanaiky izany toerana izany, satria tsy ho ratsy mihoatra noho ny zavatra niainako taloha.

Matetika aho nipetrapetraka teny amoron'ny renirano izay ampolon'ny metatra vitsy teo akaikin'ilay trano fonenako. Nibanjina ny lanitra sady nangataka tamin'Andriamanitra mba hitarika sy hitondra ahy ary indrinda hanarina indray ny fiainako.

Nanomboka niova ny fandehan-javatra. Nandeha tany amin'ny fiangonana iray aho ary nihaona tamin'ny Kristianina izay toa tena sambatra be araka ny fahitako azy. Ny rivotry ny fiadanana no niainana tao amin'ilay fiangonana ka tena azoko ny aiko. Nefa mbola nandevozin'ny filan-dratsy

maro aho. Sigara roa na telo pake isan'andro no nofohako, ary ny foko dia mbola torotoro noho ny zavatra rehetra tany aloha izay nandravarava ny fiainako, kanefa Andriamanitra dia nanao asa isan'andro isan'andro tao am-poko.

Avy hatrany aho dia nangataka famelan-keloka tamin' Ilay hany afaka mamela heloka, dia Ilay tsy nisalasala nanolotra ny ainy mba hamonjena ny ahy. Jesosy Ilay Mpamonjy ahy no tiako ambara. Izy no nanova ny fiainako araka izao anoratako ny fijoroako ho vavolombelona izao. Nanarina indray ny fiainako izy, ka nahafaka ahy tanteraka tamin'ny filan-datsy rehetra izay nangeja ahy, ka afaka manamarina aho fa nanavotra ahy avy tao amin' ny fiainan'ny helo Izy, dia tao amin'ny lavaka nangitsokitsoka izay hiafara any amin'ny fahaverezana.

Amin'izao fotoana izao, noho io fihaonana mahagaga tamin'i Jesosy io, dia tapaka tanteraka ny gadra izay nitaritaritana ahy nankany amin'ny fahafatesana. Nomen'Andriamanitra vady tena tsara aho ka



niteraka zazavavy roa taminy.

Ary 20 taona lasa izay no nonenako teto Nouvelle-Calédonie. Manompo ny Tompo ao amin'ny fiangonako aho, fa nisy fanoloran-tena farany nataoko izay tsy maintsy hajaiko sy ho tanterahiko. Nantsoin'Andriamanitra aho ho vavolombelon'izay nataony ho ahy sy hanambara Azy hatraiza hatraiza sy amin'ny fotona rehetra. Ampahany kely fotsiny amin'ny soa izay nataony ha ahy no voalazako eto. Be dia be sy sesehena tokoa ny vitany ho ahy ka tsy ho voalaza daholo. Nitahirany ahy Izy tsy ho lasa any amin'ny fahaverezana mandrakizay.

Nanararaotra nitsidika ny raiko aho tamin'ny diako tany Frantsa tamin'ny taona 2008. Tsaroanao ny nadrahonako hamono hahafaty azy fony aho mbola zazalahy kely 7 taona. Raha tokony ho ny fampiharana an'izany fandrahonana mahatsiravina izany no nataoko, dia tsy izany no niseho fa ny namihina azy no nataoko, nanoroka azy, ary namela heloka azy tanteraka. Ankehitriny dia mifandray tsara izahay mianaka, mifampilaza vaovao ary tsy misy fankahalana azy intsony ato anatiko. Tsy tezitra aminy intsony aho. Ny mifanohitra amin'izany no miseho satria tiako izy na dia eo aza ny fahatsiarovana ny fanaintainana izay mbola tavela an-tsaiko. Andriamanitra irery ihany no afaka manatanteraka fanovana toy izany.



Novainy ny fankahalana tato anatiko ho lasa tena fitiavana amin'ny fo tsotra marina tokoa. Ohatra ny nitsimbadika ambony ambany mihitsy ny fandehan-javatra teo amin'ny fianako, nefa zavatra iray loha no azo antoka: raha tsy nahafantatra sy nanaiky an'i Jesosy teo amin'ny fiainako aho, na ianao aza tsy ho namaky akory izao fijoroana vavolombelona izao satria azoko antoka fa efa tsy isan'ny velona intsony aho tahaka izay. Nampijaly ahy sy niangatra tamiko loatra manko ny fiainana ka tsy nahazaka izany ela loatra aho.

Ankehitriny aho dia mitodika amin'izay rehetra mamaky ity, indrindra amin'ireo izay mandalo fijaliana lalina, mahatsiaro manirery dia manirery, tandindonin'ny fahafatesana, na koa gejain'ny filan-dratsy sy ny fahazaran-dratsy samy hafa. Tsy ho tafavoaka irery amin'izany ianao, araka izay lazain' ny Baiboly ao amin'ny **Efesianina 6:12** manao hoe : **"Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-dra, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra. "**



Raha tsy miandany amin'Andriamanitra isika, dia tsy hanana ny hery sy ny fomba hiadiana amin'ny herin'ny maizina, ka tsy misy afa-tsy ny fahafatesana ara-nofo sy ara-panahy sisa no miandry antsika.



Fa raha miverina amin'Andriamanitra amin-kitsimpo ianao ka mangataka Aminy mba hitarika sy hitondra ny fiainanao, sy hanafaka anao amin'ny fahazaran-datsy rehetra izay manandevo anao, dia azo antoka fa hahita ny sandrin'i Andriamanitra hitsotra amina ianao. Ho raisiny sy havotany ianao. Koa aza mamoiho intsony satria hiova ho fandresena avy amin'Andriamanitra ho anao ny fatoran'ny helo teo amin'ny fiainanao.

Izao indray aho dia mitodika aminareo izay mijaly noho ny aretina.

Ankino eo am-pelatanan'Andriamanitra ihany koa ny fiainanao ara-pahasalamana. Ekena fa tsy tompon'ny ampitso isika na ny andro izay hialantsika amin' ity tany ity. Olona mandalo ihany isika eto amin' izao tontolo izao, ary tsy maintsy manaiky ny lahatra. Kanefa nanao fampanantenana Andriamanitra ka raha tsy mbola tonga ny fotoana hahafatesana dia azontsika raisina ny tenin' Andriamanitra ao amin'ny **Isaia 53.4-5** manao hoe **"Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantika, kanjo isika kosa nana Azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahoriana. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika , ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana azy ; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitrana antsika"** Ary koa hoe: **Salamo 103.1-5 "Misaora an'i Jehovah, ny fanahiko ; ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny anarany masina. Misaora an'i Jehovah, ny fanahiko , ary aza misy hadinoina ny fitahiany rehetra, izay mamela ny helokao rehetra, izay manasitrana ny aretinao rehetra, izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, izay manarona famindram-po sy fiantrana anao, izay mahavoky soa ny vavanao, ny fahatanoranao mody indray toy ny an'ny voromahery. »**

« Manao fahamarinana Jehovah ary manome rariny ho an'izay ampahoriana». Angataho Jesosy mba hamangy anao sy hanafaka anao amin'ny io aretina io. Manàna finoana tsy miozongozona satria ho hitanao fa ho tanteraka eo amin'ny fiainanao ny teny fampanantenana nataony. Ary andraso ny fahatanterahan'ny asan' Andriamanitra, satria voasoratra ao amin'ny teniny hoe : **"Tsara ny miandry an'i Jehovah amin'ny fanginana " Fitomaniana 3:26.**

Afaka miteny amin'ny fomba feno fahatokiana toa izany aho satria im-betsaka aho no nahazo fanasitrana mahagaga. Fijoroana vavolombelona mikasika izany no tiako hamaranana ity boky ity.

Narary mafy dia mafy aho tamin'ny taona 2005. Nanaintaina be tao amin'ny hatoka ka nitoetra teo am-pandriana nandritra ny andro maro tsy afaka hifoha aho. Tsy nanana hery intsony aho ary niombo nihamafy hatrany ny fanaintainana tany amin'ny atidoha. Tsy afaka nanokatra ny masoko intsony aho fa jambenan'ny hazavana. Nitombo tsy nisy fiatoana ny fanaintainana. Izaho anefa sady tsy afaka niarina no tsy nahinan-kanina.



Nanomboka veri-tadidy aho. Tsy tadidiko na ny toerana na ny fotoana nisy ahy, nikorontana ny saiko ary lasa tsy nahay niteny aho. Nangalan'ny zanako vavy dokotera aho. Voan'ny kansera any amin'ny atidoha aho, hoy ny mpitsabo, ka nalefa haingana tany amin'ny hopitaly nanaovana fizahana maro samy hafa (scanner, puncture-lombaires- sns ..)

Taorian'ny fiandrasana ora maro dia tonga ny dokotera. Ny vadiko no teo anilako tamin'izay. Méningite "méningo-encéphalite herpétique" ny aretina nahazo ahy. Nilaza tamim-pahatsorana ny mpitsabo fa tena aretim-be mahafaty no nahazo ka nila fanafody mahery nandritra ny tapa-bolana. Nefa tsy nanome toky ny amin'ny mety ho vokatra izy. Fa nilaza kosa izy fa mety hisy ny takaitra vokatr'izany aretina izany. Talohan'ny nahitana ny fanafody sahaza an'io aretina io dia maty ny 70% ny olona voany, ary izay velona dia nahazo takaitra.

Nihevitra izahay mivady fa tsy nolazain'ny dokotera taminay ny zavatra rehetra. Nisy dikany be dia be ny nametrahana ahy irery tsy azo novangiana nandritra ny fotoana naharitra ela. Nataon-dry zareo tao amin'ny efitra kely tokony ho roa metatra toradroa aho. Natoka-monina tanteraka. Tsy niditra tao ny mpitsabo sy ny mpanampy azy raha tsy nanao saron-tava sy fono-tàna. Ohatra ny hoe namoaka herinaratra hahafaty ny olona izay niditra tao ny tenako. Izaho irery no tao nandritra ny ora maro. Nanararaotra an'izany fahanginako izany aho mba hangatahako an'i Jesosy Mpamonjiko hanasitrana ahy. Na dia tao anatin'izany rehetra izany aza dia feno fiadanana tato anatiko .

Andro vitsy taty aoriana dia nfindra toerana aho. Nalefa tany amin'ny fitsaboana marary saina. Soa ihany fa dokotera fantatro tsara teo amin'ny asako taloha no nitsabo ahy tao. Nikarakara ahy izy, ary nanazava tamiko ny zavatra rehetra izay natao tamiko sy ny antony nanaovana izany. Tsy nisy nafeniny tamiko hatramin'ny tebiteby nahazo azy satria mbola tsy tena fantara tsara hono ny karazan'aretina tena nahazo ahy marina. Mbola tsy nazava tsara hoy izy ny vokatry ny fitiliana izay

natao tamiko. Kanefa ny fiangonana sy ny fianakaviana ary ny Kristianina dia tsy nitsahatra nivavaka ho ahy nandritra izany fotoana rehetra izany.



Nihatsara hatrany aho ary gaga ny mpiasan'ny hopitaly nahita ny fahafaingan'ny fandrosoan'ny fahasitranako. Tao anatin'ny tapa-bolana dia nahatsiaro tena ho efa tsara aho, ary toy ny olona tsy narary akory ny fahatsapako ny tenako. Na izaho na ny fianakaviako dia samy nahazo antoka fa ny Tompo no nanasitrana ahy.

Fa ny dokotera kosa tsy namela ahy handeha. Notakian'ny mpitsabo ny tsy maintsy handehanako any Ôstralia mba hanaovako ny fitiliana atao hoe IRM mba hisorohana ny mety ho takaitra rehetra sy mba hahazoany manome fanamarinana fa efa salama aho ary tsy misy an'ilay aretina intsony. Tsy nazoto nandeha izahay mivady satria taminay dia efa tena azo antoka tanteraka ny fahasitranako. Fa ny mpitsabo kosa tsy namela anay nisafidy.

Koa tonga tany Ôstralia izahay afaka andro vitsy ary natao ny fitiliana. Nambaran'ilay profesora fa tsy nisy intsony na kely aza ny soritr'aretina ary tsy nisy ny takaitra hatahorana. Tsy nahagaga anay intsony izany vokatry ny IRM izany satria nahazo antoka izahay tao amponay tao fa Andriamanitra dia efa nanavotra ahy tanteraka. Tsy nisy zavatra niriko ho natao tao amin'io biraon'ny profesora io afa-tsy ny hihiaka haneho fisaorana ny Tompoko... fa tena tsara aoka izany Izy.

Hitanao amin'izany fa afaka ny ho sitrana amin'ny aretina isika raha mametraka fitokisana aminy ary mino Azy marina tokoa fa mihaino ny fangatahantsika Izy, ka raha izay ny sitrapony dia hiasa Izy. Amin'ny fijoroana vavolombelona hafa any aoriana, raha sitrapon'Andriamanitra, dia ho tantaraiko ny fomba namerenan'Andriamanitra indray ny ain'ny zanakay vavy izay efa teo ampialana aina.

Ary misy fanasitranana mahagaga maro hafa koa avy amin'Andriamanitra.

Ny tiako mba hamaranana izao fotoana izao dia ny fitenenanao amin'Andriamanitra amin'ny fo tsotra araka izao asaiko hataonao izao :

Raha ao anatin'ny fanaintainana ianao amin'izao fotoana izao, raha voafatotra amin'ny filàna, ny fahazaran-dratsy, toy ny zava-mahadomelina angamba, na ny toaka, na ny firaisan'ny samy lehilahy, na vavy samy vavy, na ny fivarotan-tena, na ny aretina, na ny gejam-piainana hafa, dia manasa anao aho mba hitodika fotsiny any amin'i Jesosy tahaka ny nataoko tao anatin'ny fotoana sarotra izay nolalovako. Antsoy Izy hanampy anao. Atolory Azy ny fonao. Angataho famelana aminy ireo fahotana izay nampisaraka anao taminy ka tsy nahatsapanao ny fitiavany sy ny fanatrehany. Afaka manome antoka anao aho fa hanova ny fiainanao Jesosy. Avereno izao vavaka izao :

" Andriamanitry ny famindram-po ô, Jesosy Mpamonjy ahy, vonjeo aho. Ianao mahalala ahy tsara kokoa noho ny hafa rehetra, satria ianao no mpamorona ahy. Fantatrao ny fijaliako, ka tongava hamonjy ahy. Afaho aho ho afaka amin'izay rehetra mangeja ahy ka mampanalavitra ahy aminao . Ovary aho ho lasa olona vaovao. Avelao ny heloko ary manomboka izao dia tantano aho amin'ny androm-pianako rehetra. Amena .

Tiako hamaranana ity boky ity ny fanomezana ny voninahitra rehetra ho an'Ilay Andriamanitro, dia Jehovah Izay namonjy ahy. Tsahivina etoana ny nanirahany an' i Jesosy zanany lahitokana mba hahavelona antsika. Tsy nisy ireo zavatra rehetra nosoratako ireo raha tsy tafahaona tamin'i Jesosy aho. Lehilahy sambatra aho ankehitriny. Iainako ny fahateraham-baovao izay voalazako etsy ambony, manompo ny Tompo amin'ny fifaliana aho. Ekena fa misy ny fotoan-tsarotra andalovan-tsika, satria mbola eto amin'ity tany feno tsy fahamarinana sy olana ity isika. Fa Jesosy kosa mametraka ny fiadanana ao ampon-tsika sy ny fahasambaranana tena izy izay ampanjakainy eo amin'ny fiainantsika. Ary manana antoka isika fa mamonjy sy manampy antsika ny Tompo Tsitoha Izay miantoka ny hananantsika ny fiainana tena tsara eo anilany.



"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay." Jean.3-16

"Mangataka indrindra aminareo: mihavàna amin 'Andriamanitra anie ianareo."

2 KORINTIANINA 5:20

**Mifarana eto ny ny fijoroako
vavolombelona,
fa manomboka eto kosa ny anao...**

William Théron

Raha te hametraka fanontaniana amiko ianao, na misy tianao hanampiano anao ka azoko hatao, na maniry hihaona amin'ny kristiana hafa ianao, na te hahazo ny adiresin'ireo fiangonanay, dia aza misalasala mifandray amiko :

Na amin'ny alalan'ny mailaka :
william@temoignagewilliam.com

Na amin'ny taratasy halefa amin'ny paositra:
William THERON BP 14514 98803
Nouméa Nouvelle
Calédonie.

Site web: www.temoignagewilliam.com

Raha te hisinton-davitra (télécharger) ny boky sy ny sary :
<http://www.temoignagewilliam.com/ebook>

Ny Fiangonako: Eglise évangélique Nouméa Nouvelle Calédonie.

Facebook
<https://www.facebook.com/william.theron.7>

Tsy adinoko ny misaotra an'ireo rehetra izay nanampy sy nandray anjara na kely na be tamin'ny fanatontosana ity asa ity sy ireo nanome torohevitra na fanohanana ary vavaka mba hampahomby ity fijoroana vavolombelona an-tsoratra ity.

Ka atolotra hatrany ho an'ny Tompontosika sy Mpamonjy irery ihany ny voninahitra rehetra...



Teraka tamin'ny 15 Janoary 1964 aho,
tany Valenciennes ,
Avaratr'i Frantsa.

Tsiahiviko etoana ny fahazazako feno
olana tao anatin'ny ankohonana iray
izay nandia fiainam-pahoriana : reny
maty kapoka, ankizy voadaroka. Voatery
ny reniko nandositra ny raiko ka

niteraka fahantrana izay nampijaly anay

izany fisarahana izany,satria ny reniko irery no nikarakara ny zanany
3. Na dia mbola vao tanora erotrerony aza aho tamin'izany dia
voatery tsy maintsy niasa mafy mba hampiditra vola kely tao an-
trano. Vanim-potoana tena mafy izany a.

Tao anatin'ny fotoana fohy dia fohy aho dia nahita fahombiazana teo
amin'ny sehatry ny fandrarahana, natosiky ny herim-po sy ny
fikirizana.

Kanjo, indrisy fa nikoroso haingana be ihany koa ny fiainako ka
tafatsarapaka hatrany amin'ny lalantsaran'ny helo aho.

Ity boky ity dia mikendry ny hizara herim-po ho an'ireo izay miaina
fotoana sarotra sy tena mangetaheta fiovana.

Mirary soa ho an'ny mpamaky ny tenako.

William Théron.